

















Noa sy ny safo-drano

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

*Genesisy 6 – 10*

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Nosoratan'i Edward Hughes
Sarin'i Lazarus

Nadikan'i Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay"
na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta
Amborovy Mahajanga Madagascar
Nampifanarahin'i M. Maillot; Tammy S.

Tantara 3 amin'ny 60

**M1914.org**

**Bible for Children, PO Box 3, Winnipeg MB R3C 2G1 Canada**

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao. Amena. Jaona 3:16

Malagasy







Nambaran'Andriamanitra tamin'i Noa fa hisy safo-drano handrakotra ny tany manontolo ka hoy Izy taminy: "Manamboara ianao sambo-fiara lehibe mahazaka ny ankohonanao sy biby marobe". Rehefa natoron'Andriamanitra azy izay fomba hanamboarana ilay sambo goavam-be dia nanomboka ny asa avy hatrany i Noa.
3
Nihomehy sy naneso an'i Noa ny olona raha nahita azy nanamboatra ilay sambo lehibe dia lehibe saingy tsy nahasakana azy izany fa notohizany hatrany ny asany. Na dia nanambara ny amin'Andriamanitra sy ny safo-drano hanjo ny tany aza i Noa dia tsy nihaino azy ny olona.
4
Tsy mbola nisy ranonorana nilatsaka mihitsy hatramin'izay teto ambonin'ny tany nefa dia tena nino sy natoky an'Andriamanitra i Noa.
5
Ho vonona tsy ho ela ny sambo-fiara ka hampidirina amin'izay ny sakafon'ny olona sy ny biby hatao vatsy.
6
Anjaran'ny biby indray izao ka nampidirin'Andriamanitra tsiroaroa lahy sy vavy avy ireo karazam-biby samihafa.
7
Toy izany koa ireo voromanidina kely sy lehibe ary ireo biby vaventy izay samy namonjy niditra ny sambo-fiara avokoa.
8
Mbola nihomehy sy nihevitra an'i Noa ho adala ihany ny olona raha nahita azy nampiditra ireo biby marobe tao anaty sambo-fiara fa tsy mba nangataka ny hiara-hiditra tao. Vao mainka aza naniratsira an'Andriamanitra no nataony.
9
Rehefa tafiditra avokoa ireo biby sy ireo vorona dia hoy Andriamanitra tamin'i Noa: "midira ianao sy ny ankohonanao ao anaty sambo-fiara".
10
Dia niditra i Noa, ny vadiny ary ireo zanany telo lahy miaraka amin'ny vadiny avy. Ary dia nakaton'Andriamanitra ny varavaran'ilay sambo-fiara.
11
Ary dia nisy ranonorana nivatravatra nilatsaka nandritra ny efa-polo andro sy efa-polo alina ka nanafotra ny tany manontolo.
12
Safotry ny rano avokoa ny vohitra sy ny tanàna rehetra. Ka rehefa nitsahatra ny ranonorana dia indro fa difotry ny rano na dia ny tendrombohitra faran'izay avo indrindra aza. Maty avokoa izay rehetra niaina tambonin'ny tany.
13
Ny sambo-fiaran'i Noa sy izay tao anatiny no sisa nitsingevana tambonin'ilay ranobe. Maizina, nihovitrovitra sy nampatahotra be tao anatiny saingy io sambo-fiara io no namonjy sy niaro an'i Noa tamin'ny safo-drano.
14
Rehefa afaka dimy volana dia nisy rivotra be nitsoka nataon'Andriamanitra hanamaina ny rano nanafotra ny tany.
15
Dia nihena miandalana ny rano ka tafapetraka teo ambonin'ny tendrombohitra iray atao hoe Ararata ny sambo-fiaran'i Noa. Saingy mbola nijanona efa-polo andro tao anaty sambo ry zareo mandra-paharitran'ny rano tanteraka.
16
Dia novohan'i Noa ny varavaran-kely iray tamin'ny sambo-fiara ka nandefa goaika iray izy, avy eo voromailala iray koa. Saingy niverina ireny satria tsy nahita izay hipetrahana fa mbola tsy maina ny tany.
17
Rehefa afaka herinandro, nalefany indray ilay voromailala. Niverina io ka nitondra ravin'oliva teo am-bavany. Dia nalefan'i Noa indray izy herinandro taty aoriana ka tsy niverina intsony. Midika izany fa efa maina ny tany.
18